REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

F I L A Z A N A

Ilazana isika mpandoa hetra tambatra fa noho ny fasahiranana amin'ny fisian'ny valan'aretina Coronavirus dia **ahemotra hatramin'ny 15 May 2020 ny fe-potoana farany fanaovana fanambarana sy fandoavana ny Hetra Tambatra na "Impôt synthétique"** manerana ny Nosy fa tsy ny 31 Martsa 2020.

Ary mba ho fiarovana ny tsirairay amin'ny mety hiparitahan'ny valan'aretina noho ny fifampikasohana, dia **entanina ny mpandoa Hetra Tambatra eto Analamanga rehetra (Ivon-ketra Alasora, Ambohidratrimo, Ambohimanarina, Ambohimangakely, Andoharanofotsy,Andramasina, Anjozorobe, Ankazobe, Antananarivo I, Antananarivo II, Antananarivo III, Antananarivo IV, Antananarivo V, Avaradrano Sabotsy Namehana,Itaosy, Ivato, Manjakandriana) hanao ny fanambarana ara-ketra sy ny fandoavana izany amin'ny alalan'ny finday na ny eHETRAPHONE**.

Marihana fa ny fampiasana ny eHETRAPHONE dia mitaky ny fanananao mialoha **NIF sy kaonty Airtel Money, na Mvola na Orange money** sy ny fanarahana ny toromarika rehefa avy manindry ny kaody manaraka ireto: **Airtel money *436*8*8# , Mvola #111*1*5*7*2# , Orange money #144#3-1-4-1**

Ny hafatra someso voarainao dia manana lanja mitovy amin'ireo tapakila na "récépissé" omen'ny Ivon-ketra anao.

Raha mila fanazavana fanampiny dia azonao antsoina ny laharana Hotline : 032 12 011 74/032 12 011 91.

Antananarivo, faha 26 MAR 2020

Ny Tale Jeneralin'ny Hetra

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

GERMAIN
Inspecteur des Impôts

Scanned by TapScanner